

# Fanambarana ny amin'ny lanitra

Nisy tanora 7 nivondrona niara-nentin'ny tompo hitsidika ny lanitra.
(Nalaina tamin-drakipeo amin'ny fiteny espagnole. Ny kisary mandravaka dia nampiana taty aoriana fa tsy anisan'ireo fijoroana.Noho ny haratsian'ny fandraisam-peo dia fijoroana 6 ihany no afaka nadika.)
http://www.DivineRevelations.info/MALAGASY

## --- Fijoroana vavolombelona voalohany, Esau ---

II korintiana 12:2
*Mahalala olona anankiray ao amin'i Kristy aho, tokony ho efatra ambin'ny folo taona lasa izay na tao amin'ny tena, na tsy tao amin'ny tena, tsy fantatro, Andriamanitra no mahalala ilay anankiray dia nakarina ho any amin'ny lanitra fahatelo.*



Tao amin'ilay efitrano niainanay ny traikefanay voalohany izahay.Tonga feno hazavana mitory ny fanatrehan' Andriamanitra indray tao.Mafy aoka izany izy io ka nanazava ny trano iray manontolo.Feno ny voninahiny ilay efitra, tsara tokoa ny fanatrehany!

Hoy i Jesosy: ***«Anaka, hasehoko anareo ny fanjakako izao, hankany amin'ny voninahitro isika. »***

Notantanana izahay rehetra ka samy nitsangana.Nijery tany ambany aho ka hitako fa niaina ivelan'ny vatanay izahay.Rehefa nivoaka ny vatanay izahay dia notafiana lamba fotsy ary nampakarina tamin'ny fandeha faran'izay haingana.

Ary tonga teo anoloana vavahady 2 fidirana ao amin'ny fanjakan'ny lanitra izahay.Talanjona izahay ny amin'izay niseho taminay.Fantatray fa niaraka taminay teo i Jesosy ilay zanak'andriamanitra.Ary nisy Anjely 2 samy manana elatra efatra avy niaraka taminy.

Nanomboka niresaka taminay ireo anjely nefa tsy nisy azonay izay nolazainy.Samy hafa tanteraka amin'ny fiteninay ny azy, Tsy misy mitovy aminy ny fiteny eto an-tany.Nitsena anay tamin-kafaliana ireo anjely no sady namoha ilay vavahady mankadiry.Ary nahita toerana mahafinaritra feno karazan-javatra izahay. Rehefa niditra izahay dia feno fiadanam-po tonga lafatra. Milaza ny baiboly fa hanome antsika fitsaharana tsy takatry ny fisainan'ny olona Andriamanitrass (filipiana 4:7).

Diera no tsikaritro voalohany tany, ary nanontany ny namako Sandra aho hoe: “Ny zavatra jereko koa ve no jerenao? » Tsy nikiakiaka sy nitomany toy ny tamin’ny izahay ilay nentina tany amin’ny helo iny intsony izy. Hoy izy nitsiky: «*Eny ry Esau, mijery diera aho!*» Fantatro teo fa tsy nanonofy aho fa tena tany amin’ny fanjakan’ny lanitra izahay.Hadinoko avokoa ireo horohoro tany amin’ny helo.Tany izahay ary nifaly tamin’ny voninahitr’Andriamanitra.Nandroso nankeo amin’ny toerana nisy ilay diera izahay ka indro nisy hazo goavam-be tao aoriany, teo afovoan’ny paradisa no nisy ilay hazo.

Hoy ny ambaran’ny baiboly ao amin’ny apokalypsy 2:7 *«Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana .Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo amin'ny Paradisan'Andriamanitra. »*

Tandindon’i Jesosy io hazo io, fa i Kristy no fiainana mandrakizay.Ary tao aorian’ilay hazo nisy ony manjelanjelatra.Mangatsakatsaka sy tsara ilay rano ary tsy ahitana azy ety an-tany.Te-hijanona tany izahay.Im-betsaka izahay no nangataka tamin’ny Tompo hoe: «*Miangavy indrindra ry tompo! Aza avoaka tato amin’ity toerana ity intsony izahay fa te-hijanona ato mandrakizay! Tsy te-hiverina eny ambonin’ny tany izany izahay! »*

Nefa hoy ny Tompo namaly: «***Ilaina ny fiverenanareo eny an-tany hilaza ny amin’izay efa nomaniko ho an’izay tia ahy satria ho avy tsy ho ela aho ary miaraka amiko ny valisoako. »***

Rehefa nahita ilay ony izahay dia maika ery hitsoboka tao.Ary tsaroanay ilay andinin-tsoratra masina milaza fa: “hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao an-kibon’Izay mino ny Tompo.” (jaona 7:38). Toy ny miaina ny rano ao amin’io ony io ka nitsoboka izahay.Tsy sempotra izahay fa afaka niaina tsara na tany anatiny na taty ivelany.Lalina tokoa ilay rano, nisy karazan-trondro miloko samihafa nilomano tao. Antonony tsara ny hazavana na any anaty rano na eo amboniny; Any an-danitra tsy misy faritra manokana iavian’ny hazavana fa feno voninahitra avokoa ny toerana rehetra. Ambaran’ny baiboly fa i Jesosy no fahazavan’io tanàna io (Apokalypsy 21:23). Nitondra trondro vitsivitsy taty ivelany rano izahay nefa tsy nisy maty.Nihazakazaka nankeny amin’ny Tompo izahay hanontany ny antony tsy mahafaty ireo trondro.Ary nitsiky izy sady nilaza fa any an-danitra tsy misy intsony fahoriana sy tomany ary fahafatesana. (Apocalypsy 21:4).

Niala ilay rano izahay ka nivezivezy eraky ny tanàna hitsapa sy hanandrana izay rehetra azo nandramana.Ny fanirianay dia ny hitondra izay rehetra tany ety an-tany rehefa miverina, talanjona fatratra mantsy izahay ny amin’izay hitanay tany.Tena tsy ampy ny teny hilazana azy.Rehefa nentina tany an-danitra ny apostoly paoly dia nahita zavatra maro izay tsy tena hainy nosoritana noho ny hatsarany. (2 korintiana 12).Maro ny zavatra hitanay tany no tsy ho hay faritana.

Tonga tamina toerana malalaka kanto dia kanto izahay.Feno zava-tsarobidy ilay izy: volamena, emeralda, rubis ary diamondra.Vita amin’ny volamena ny gorodona.Avy eo izahay nanatona toerana iray misy boky lehibe telo.Baiboly volamena ny voalohany.Hita ao amin’ny salamo fa tsy ho levona ny tenin’Andriamanitra ary mijanona mandrakizay ao an-danitra. (salamo 119:89).

Ngeza tokoa ilay baiboly volamena, volamena avokoa na ny pejy na ny soratra.

Ilay boky faharoa hitanay kosa mbola ngeza noho ny baiboly, misokatra ilay izy ary misy anjely mipetraka manoratra zavatra aminy.Nanatona niaraka tamin'i Jesosy izahay hijery.Nosoratan'ilay anjely avokoa izay nitranga rehetra tety an-tany sy ny daty sy ora nitrangàny dia voarakitra ao anatin'ilay boky avokoa.Izany dia manamafy ilay voalazan'ny tenin'Andriamanitra hoe: "Nisy boky nosokafana ka notsaraina araka ny asany araka izay voasoratra tao amin'ilay boky avokoa ny olona rehetra." (Apocalypsy 20:12). Soratan'ilay anjely avokoa izay ataon'ny olona rehetra, na tsara na ratsy, soratany ao avokoa.

Nandeha izahay hatrany amin'ny toerana misy ny boky fahatelo. Mbola ngeza noho ilay faharoa ! Nihidy ilay izy, nefa nanatona izahay ary nalainay toe amin'ny fitoerany araka ny baikon'ny tompo ka napetraka teo ambony fitoeram-boky

Tsara aoka izany ny fitoeram-boky sy ny andry any an-danitra fa tsy mitovy amin'ny ety an-tany.Toa mirandrana ireo andry sady vita amin'ny v a t o s o a i s a n - k a r a z a n y .Ny sasany vita avy amin'ny diamondra, ny hafa volamena sy emeralda, misy koa norariana avy tamim-pitambaram-batosoa samihafa.Fantatro nanomboka teo fa an'Andriamanitra avokoa ny zava-drehetra araka ny hita ao amin'ny Hagay 2:8 *« Ahy ny volafotsy, ary Ahy ny volamena, hoy Jehovah, Tompon'ny maro.* »Nahafantatra aho teo fa mpanefoefo tokoa Andriamanitra ary azy avokoa ny harena rehetra eto an-tany.Fantatro koa teo fa ireo harena maro izay azy dia tiany homena izay mangataka amin'ny finoana.

Hoy ny Tompo: «Mangataha amiko, dia homeko ho lovanao ny jentilisa ary ny faran'ny tany ho fanananao » (salamo 2:8).
Ngeza tokoa io boky io ka tsy maintsy nafindrafindra vao nety navadika ny pejiny.Nezahinay novakiana ny tao anatiny noho ny fangatahan'ny Tompo.Tamin'ny voalohany dia tsy nisy azonay satria hafahafa ny endrik'ilay soratra.Tsy misy fiteny mitovy aminy, fitenin'ny lanitra ilay izy.Nefa noho ny fanampian'ny fanahy masina dia nomena anay ny fahasoavana hahalala azy.Toy ny nisy lamba nesorina avy teo amin'ny masonay ka tonga azonay toy ny fitenindrazanay ilay soratra.

Ary hitanay fa voasoratra tao avokoa ny anaranay, nolazain'ny Tompo fa io no bokin'ny fiainana (Apokalypsy 3:5).Ary hitanay koa fa tsy mitovy amin'ny anaranay ety an-tany ny anaranay tany; Nomena anaram-baovao izahay ho fanamarinana ny tenin'Andriamanitra milaza ny hanomezany ny olom-boafidy anaram-baovao tsy hisy hahalala raha tsy izay nandray azy. (Apokalypsy 2:17).

Voatononay tsara ny anaranay tany an-danitra nefa rehefa niverina dia nesorina tao an-tsaina sy tao am-ponay.Maharitra mandrakizay ny tenin'Andriamanitra ary tsy maintsy tanteraka.

Ry namako isany, Hoy ny ambaran'ny baiboly ao amin'ny Apokalypsy 3:11 « Ho avy faingana Aho; tano mafy izay ananananao, mba tsy hisy haka ny satroboninahitrao".Aza avela hisy handroba na hisandoka ny toerana efa nomanin'ny Ray ho anao.Amanapitrisany ny karazan-javatra tsara any an-danitra izay tsy hay soritana amin'ny teny.Izao no lazaiko aminareo: « *Miandry anareo ny Ray*! » Na izany aza nefa, izay maharitra hatramin'nyfarany ihany no hovonjena! (Mark 13:13).

# --- (Fijoroana vavolombelona faha-2, Ariel) ---

Nampakarina tany amin'ny fanjakan'ny lanitra izahay ary tonga tamina toerana mahafinaritra iray izay misy varavarana tsara voatra.Nisy anjely 2 nanoloana io varavarana io.Niteny izy ireo saingy tsy nisy azonay satria tamin'ny fitenin'ny anjely.Fa ny fanahy masina nanome anay ny dikany. Nitsena anay tamin-kafaliana izy ireo.Ary ny Tompo Jesosy nametraka ny tànany teo amin'ny varavarana ka nivoha izy ireo.Tsy ho tafiditra tao mihitsy izahay raha tsy niaraka tamin'i Jesosy.

Nanomboka nijery ny zava-misy rehetra tany an-danitra izahay.Nahita hazo goavam-be izahay, ilay soritan'ny baiboly ho *«hazon'aina»* (Apokalypsy 2:7).Avy eo nankeo amina ony iray feno trondro. Tsara aoka izany ilay izy ka tapakevitra ny hitsoboka izahay.Ary nanomboka nisitrika tany anaty rano izahay.Ary nahita trondro maro izahay mihetsiketsika manodidina anay ka manafosafo ny vatanay.Tsy nanalavitra anay toy izay mitranga ety an-tany izy ireo, ny fanatrehan'i Jesosy no mampitony azy.Natoky anay ireo trondro noho izahay fantany fa tsy hanisy ratsy azy.Talanjona aoka izany aho sady feno fahasoavana ka naka iray ary namoaka azy taty ivelan'ny rano.Tena nahagaga fa tony dia tony ilay trondro teo an-tanako nankafy fatratra ny fanatrehan'ny Tompo.Ary naverikotao anaty rano indray ilay trondro.



Ary hitako avy lavitra fa nisy soavaly tany an-danitra, araka izay voasoratra ao amin'ny Apokalypsy 19:11 «Ary nahita ny lanitra voasokatra aho, ka, indro, nisy soavaly fotsy; ary Izay nitaingina azy dia atao hoe: Mahatoky sy Marina, ary amin'ny fahamarinana no itsarany sy iadiany».Ireo no soavaly handraisan'ny Tompo ny fiangonany, ny olony rehefa miverina izy.Nanatona ireo soavaly aho ka nanomboka nanafosafo azy.Ary nanaraka ahy ny Tompo ka namela ahy hitaingina amin'ny iray aminy.

Rehefa niondrana aho dia nahatsapa zavatra tsy mbola tsapako hatrizay niainako tety an-tany.Izaho nanomboka nahatsapa fiadanana, fahafahana, fitiavana ary fahamasinana ananan'ny olona any amin'io toerana io. Nankafiziko avokoa izay hitan'ny masoko rehetra.

Tiako nandramana avokoa izay efa nomanin'ny Tompo ho antsika tany am-paradisa.Izahay koa nahita ny latabatra hanaovana ny hanim-pitoloha, efa vonona ny rehetra.Tsy misy fiandohany izy io ary tsy misy fiafarany.Hitanay ireo seza voaomana sy ireo satroboninahitra mandrakizay izay miandry antsika.Izahay koa nahita sakafo matsiro efa vonona teo an-databatra ho an'ireo voaasa amin'ny fampakaram-badin'ny zanakondry.



Ary nisy anjely nihazona lamba fotsy hanaovana ny fitafiana nomanin'ny Tompo ho antsika.Gaga aho nahita izany rehetra izany. Milaza ny tenin'Andriamanitra fa tokony handray ny fanjakan' Andriamanitra tahaka ny zazakely isika.(Matio 18:3).Fony izahay tany an-danitra dia tena toy ny zaza.Nolalaovinay ireo voninkazo, ireo trano

moa dia nidiranay satria navelan'ny tompo.Nony avy eo izahay nentin'ny Tompo tamin-toerana iray feno ankizy.Teo afovoan'izy ireo ny Tompo ary niara-nilalao taminy. Nataony izay hahaampy tsara ny fotoana ilalaovany amin'ny tsirairay avy aminy ary hitanay fa ankafiziny ny miaraka aminy.Ary nanatona izahay ka nanontany azy hoe: *«Tompoko, ireto ve ankizy vao hateraka eny ambonin'ny tany? »*

Ary hoy ny Tompo namaly: *"**Tsia, zaza nesorina ireo teny.**"*
Raha nandre izany aho dia nahatsapa toa nangorohoro tato anatiko.

Nahatsiaro zavatra iray nataoko fony izaho tsy mbola nahalala an'Andriamanitra aho.Niaraka tamim-behivavy iray izay aho ary bevohoka izy.Tsy hitako izay natao rehefa nolazainy tamiko ny zava-misy ka nangataka fotoana kely aho hieritreretana izay hatao.Nandeha teny ny fotoana, ary nony tonga tany an-tranony aho hilaza ny fanapahan-kevitro dia efa tara loatra fa hay efa nesoriny ilay zaza.Nanamarika ny fiainako io tranga io. Eny fa na taorian'ny fotoana nandraisako ny Tompo aza aho dia mbola nahatsiaro ho meloka noho io fanalan-jaza io. Fa nanao zavatra miavaka ho ahy Andriamanitra tamin'io andro io, navelany hiditra amina efitra iray aho ka hoy izy: ***«Hitanao iry ankizivavy iry? Io ilay zanakao. »***

Rehefa niteny izany izy dia tsaroako nanomboka niafana ny ratram-panahiko hatry ny ela. Navelan'ny Tompo hanatona ahy izy ka nanatona.Notrotroiko izy ary hitako ny masony. Teny iray ihany no reko nivoaka ny molony: *«Dada*». Fantatro teo fa efa namindra fo tamiko Andriamanitra ary efa namela ahy, noho izany aho tsy tokony hanamelo-tena intsony.

Ry namana mihaino ity hafatra ity, tiako hambara aminao fa efa namela anao Andriamanitra ka aza manamelo-tena intsony.Isaorako manokana Andriamanitra namela ahy hizara aminao ity fijoroana ity.*Omeko anao irery ihany ry Jesosy Kristy Tompo ny haja amam-boninahitra!* Andriamanitra no nanome ka namela anay handray ity fanambarana ity.Manantena aho fa hotahiana izay rahalahy mahita ity hafatra ity ka hizara azy amin'olon-kafa maro.

Andriamanitra anie hitahy anareo!

## --- (Fijoroana vavolombelona faha-3) ---

(Apokalypsy 21:4)

Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha.
Rehefa tonga izahay dia nisokatra ho anay ireo varavarana ka indro nisy lohasaha feno voninkazo. Tsara sy manitra aoka izany ireto izy.Rehefa nanomboka nandroso izahay dia nahatsapa fahafahana tsy mbola tsapanay hatrizay tety an-tany, fiadanana no nameno ny fonay.Rehefa nijery ireo

voninkazo izahay dia hitanay fa miavaka izy ireo; Samy manana ny mahaizy azy, tsy misy mitovy ny ravimboniny ary samy manana ny lokony.

Ary niteny tamin'ny Tompo tao ampoko aho hoe: « mila voninkazo toy io aho » Ary hitako tamin'ny endriny fa namela ahy izy ka nanatona voninkazo iray aho ka nanongotra nefa tsy nisy na inona na inona nitranga; tsy nahaongotra aho na dia raviny iray aza.Ary notapahin'ny Tompo ny fahanginana ka hoy izy: ***«Aty, ampitiavana no anaovana ny rehetra***».Ary nokasihiny ilay voninkazo ka nanaraka ny tànany ary nomeny anay.Nandroso hatrany izahay ary nanaraka anay ilay fofom-boninkazo.

Ary tonga tamina toerana iray misy varavarana tsara tarehy vitsivitsy izahay.Tsy varavarana tsotra fa niangaliana sy nohaingoina tamim-batosoa sarobidy.Nisokatra ny varavarana ka niditra tao amin'ity trano feno olona izahay.Nihazakazaka ireo olona ary nanoman-javatra.Ny sasany milanja horonan-damba fotsy mamiratra eny antsorony, sasany milanja horonan-kofehy mivolom-bolamena ary ny hafa mitondra takelaka toy ny misy ampinga.Maika daholo ny olona rehetra.

Ary nanontany ny tompo izahay ny mahatonga azy ireo hiasa mafy sady maika aoka izany; ary niantso tovolahy iray milanja horonan-damba eny antsorony ny Tompo, Ary nijery azy izy ka nanatona tamim-panajàna.Rehefa nanontanian'ny Tompo izy ny antony itondrany io horonan-damba io dia nojereny izy ka hoy izy: «*Tompoko, fantatrao tsara izay anaovana itony horonan-damba itony fa hanamboarana ny fitafian'ireo voavidy, ny vadin'ny zanakondry*». Feno fiadanana sy hafaliana ny fonay raha nandre izany. Hoy ny [Apokalypsy 19:8]: *«Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon'ny olona masina. »*

Rehefa niala teo izahay dia vao may nitombo ny fiadananay, nahafinaritra aoka izany ny nahalala fa ny Tompo mihitsy no nanao zavatra tsara ho anay.Manokana toerana sy fotoana ho anao izy satria manan-danja aminy ianao.Rehefa nivoaka avy tao amin'io toerana io izhay, variana amin'ny pitsopitso eny amin'ny lanitra ny masonay. Raha ny fahitana azy dia toa miaina avokoa ny zava-drehetra any ary manome voninahitra an'Andriamanitra

Ary tonga tamin-toerana iray misy ankizy amanapitrisany maro samy amin'ny taonany avy izahay.



Rehefa nahita ny Tompo izy ireo dia samy te-hamihina azy avokoa, Samy te-hahatsapa bebe kokoa ny fitiavany izy rehetra satria tia azy. Any, I Jesosy no tian'ny zaza indrindra. Saiky latsa-dranomaso izahay raha nahita ny fampihantan'ny tompo ny tsirairay avy aminy, orohiny sy tantanany fatratra izy rehetra. Nahita anjely maro izahay izay nanatona an'i Jehova sy nanolotra azy zazakely voahodidina lamban-jaza vita avy amin'ny « lin ».Ny Tompo nanafosafo, nitsapa ary nanoroka azy ireo teo amin'ny handriny.Avy eo raisin'ny anjely ho karakaraina ireo.Nanontany ny Tompo izahay hoe : « nahoana no betsaka ny zaza ato, halefa eny an-tany va izy ireo?

Ny Tompo dia toy ny nalahelo sy nangina mandritra vy fotoana fohy ary niteny izy hoe: ***«Tsia, tsy halefa eny an-tany akory izy ireo fa ireo izay tsy tian'ny ray aman-dreniny ka nesoriny.Zanako ireto ka tiako. »*** Nanaiky tamin'ny lohako aho, ary raha nametraka ny fanontaniako manaraka dia nangovitra ny feoko. Fony mbola tsy nahafantatra ny mahafiainana marina ny Tompo mantsy aho dia nanota sy nanao fahadisoana maro toy ny olon-drehetra. Anisan'izany ny nanalako zaza. Tonga izao ny ora tsy maintsy nijoroako manatrika ny tompo ka nanontaniako azy hoe: «*Tompoko, aty ve ilay zaza nesoriko taloha elabe iny?* » ***«eny»*** hoy ny navaliny.Ary rehefa nandeha tamin'ny ilan'ilay efitra aho dia nahita zazalahikely mahafatifaty.Nisy anjely nitsangana teo anilan'ny tongony.Nojeren'ilay anjely ny Tompo, ny lamosin'ilay zaza no nitodika taty aminay.

Ary hoy ny Tompo: «***Indro ny zanakao***». Te-hahita azy aho ka nihazakazaka nankeny aminy, nefa nanao baikon-tànana ny hijanonako ilay anjely.Tokony hihaino izay hambaran'ilay zazalahy, hono, aho aloha. Ary nanomboka reko izay nolazainy, nitodika tany amin'ireo zaza hafa ny masony ary hoy izy nanontany ilay anjely: *«Ho avy aty tsy ho ela ve ny dadako sy ny mamako?* » Nijery taty amiko ilay anjely ka namaly hoe: *«Eny, efa ho avy ny dadanao sy ny mamanao. »*

Tsy azoko ny antony namelàna ahy handre izany, nefa fantatro tao ampoko fa io no fanomezana tsara indrindra nomen'ny Tompo ahy. Tsy nisy alahelo na hatezerana tao am-pon'io zaza io na dia fantany aza angamba fa tsy navela ho tonga teto an-tany izy.Izy dia miandry anay amin'ny fitiavana izay efa napetrak'Andriamanitra tao ampony.

Nanohy ny diaizahay nefa voatahiry tao am-poko foana ny endrik'io zazalahy io.Fantatro fa tokony hiezaka mafy isanandro aho mba hifankahita aminy indray.Antony hafa koa io tsy maintsy iverenako any, satria misy miandry ahy any amin'ny fanjakan'ny lanitra.Hoy ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny isaia 65:19: «Dia ho faly amin'i Jerosalema Aho sy ho ravoravo amin'ny oloko; ary ny feo mitomany tsy ho re any intsony, na ny feo mitaraina. »

Ary tonga tamin'ny faritra misy tendrombohitra kely iray izahay.Ary nandihy ny Tompo Jesosy nanatona. Olona maro mitafy akanjo fotsy no teo alohany Ary nobatainy tamin'ny rantsan'oliva maitso ny tatan'izy ireo.Ary rehefa mihetsiketsika eny amin'ny rivotra ireo rantsana ireo dia mamoaka menaka masina.Nanomana zavatra mahafinaritra ho anao Andriamanitra! Izao ankehitriny izao, atolory azy ny fonao.

Andriamanitra anie hitahy anareo!

---

# --- (Fijoroana vavolombelona faha-4) ---

Nahita zavatra mahafinaritra maro izahay tany an-danitra.Araka ny voalaza ao amin'ny 1 korintiana 2: 9 «*Fa araka ny voasoratra hoe, Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin'Andriamanitra ho*

*an'izay tia Azy. »*

Rehefa tonga tany amin'ny fanjakan'ny lanitra izahay dia nanana fihetseham-po hafakely raha nahita zavatra niavaka sy nahatsapa ny voninahitry ny tompo.Hafa mihitsy ny rehetra any; Toerana feno ankizy.Azo ambara fa amanapitrisany ny ankizy any.

Nahita ankizy samy amin'ny taonany avy izahay satria voazarazara ho faritra maromaro ny lanitra. Nisy faritra iray misy ireo zaza 2 hatramin'ny 4 taona.Voamarikay koa fa mitombo ireo ankizy ireo ary misy sekoly ampianarana azy ny tenin'Andriamanitra.Ny anjely no mpampianatra azy, ampianarina hira fiderana sy ny fomba fanompoana ny Tompo koa izy ireo.

Rehefa tonga ny Tompo dia hita ho feno hafaliana ny mpanjakantsika.Na tsy hitanay aza ny endriny dia hita tsara kosa ny tsikiny mameno ilay toerana.Rehefa miditra izy dia mihazakazaka mankeny aminy avokoa ireo ankizy!Ary hitanay niaraka tamin'ireo ankizy ireo i Mary, ilay renin'i Jesosy tety an-tany.Tsara tarehy izy.Tsy hitanay tamina seza fiandrianana izy ary tsy nisy nanompo azy. Toy ny vehivavy rehetra any an-danitra izy ary tsy maintsy nandray ny famonjena toy ny rehetra ety an-tany. Mitafy akanjo fotsy lava izy ary manao fehin-kibo volamena ary lava hatreo amin'ny valahany ny volony.

Maro ny olona re midera an'i maria ilay renin'i Jesosy nefa hoy ny Teny: *«Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana, tsy misy afaka mankany amin'ny Ray raha tsy amin'ny alalako. »* (Jaona 14:16).I Jesosy avy any nazareta irery ihany no fidirana ao amin'ny fanjakan'ny lanitra.Ary hitanay koa fa tsy misy masoandro na volana any.Hoy ny voasoratra ao amin'ny Apokalypsy 22:5 «Ary tsy hisy alina intsony; ary tsy mba mila fahazavan'ny jiro na fahazavan'ny masoandro izy; fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy; ary hanjaka mandrakizay mandrakizay izy. »

Hitanay ny voninahitr'Andriamanitra.Sarotra ny manazava ny horohoro hitanay tany amin'ny helo, fa vao maika sarotra ny hanandrana hanazava ny zavatry ny lanitra sy ny fahatsaran' Andriamanitra. Rehefa tany izahay dia te-hihazakazaka ka hanandrana izay azo nandramana rehetra.Nitsilailay tamin'ny ahimaitso izahay ka tsapanay ny voninahitr'Andriamanitra. Tsara aoka izany ny feon'ny rivotra nanafosafo ny tarehinay.Ary nisy hazo fijaliana lehibe vita amin'ny volamena teo afovoan'ny lanitra.Heverinay fa tsy fanompoan-tsampy no anton'io, fa kosa ho fanamarihana fa amin'ny alalan'i Jesosy izay maty teo amin'ny hazo fijaliana no ahafahana miditra any an-danitra.

Notohizanay hatrany ny famangiana ny lanitra.Tsara aoka izany ny miara-dia amin'i Jesosy Kristy Tompontsika.Ao aminio toerana io dia ambara tsy amim-piambahambàna ny Andriamanitra tompointsika…I Jesosy avy any nazareta.Maro amin'ny olona ety an-tany no mino an'Andriamanitry ny lanitra miandry kendritohana antsika hanota ka hanasazy sy hanipy antsika any amin'ny helo.Tsy izay mihitsy no zava-misy any.Nahita lafiny hafa amin'ny toetran'i Jesosy izahay, I Jesosy ilay tena namana, i Jesosy miara-mitomany amintsika. I Jesosy Andriamanitry ny fitiavana, fiantràna ary famindram-po.Tantanany isika ho afaka hanohy ny lalam-pamonjena.

Navelan'ny Tompo Jesosy hihaona amin'olona ao anaty baiboly izahay, tsy iza izany fa I Davida mpanjaka, ilay voalaza ao amin'ny Soratra masina.Tsara tarehy izy no sady lava ranjanana, ary

maneho ny voninahitr'Andriamanitra ny endriny.Tamin'ny fotoana rehetra niainanay tany amin'ny fanjakan'ny lanitra dia tsy nisy nataon'i davida afa-tsy ny nandihy, nandihy, nandihy ho fanomezam-boninahitra sy haja an'Andriamanitra.

Ho an'izay mamaky ity fijoroana ity, tiako hozaraina aminareo ny voasoratra ao amin'ny Apokalypsy 21:27 « *Ary tsy mba hiditra ao mihitsy izay tsy masina, na izay manao vetaveta, na izay mandainga, fa izay voasoratra ao anatin'ny ny bokin'ny fiainana izay an'ny Zanak'ondry ihany.»* Te-hilaza ihany koa aho fa izay manam-pahasahiana ihany no handrombaka ny fanjakan'ny lanitra.

Andriamanitra anie hitahy anareo!

---

## --- (Fijoroana vavolombelona faha-5) ---

2 korintiana 5:10 *«Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara ny ratsy.».*

Tany dia hitanay ny fanjakan'ny lanitra izay ambaran'ny baiboly ao amin'ny Jaona 14:2 «*Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho.»*
Hitanay io toerana io ary niditra tao izahay; kanto aoka izany ilay tanàna! Nandeha mialoha any i Jesosy hanomana fitoerana ho antsika.
**Hitanay tany fa ny trano rehetra dia misy soratra ny anaran'ny tompony. Tsy mbola misy mponina ao amin'io tanàna io fa efa vonona kosa ho antsika.Nomena alalana hiditra tamin'ireo trano izahay hijery izay ao anatiny. Nefa rehefa nandao ilay tanàna dia tsy nisy tadidinay izay hitanay tao, nifafa avokoa ny fahatsiarovana azy.**

Tsaroatsika tsara fa ny adrin'ny trano dia vita avy amin'ny metaly sarobidy ary niraiketana vatosoa isankarazany sy volamena tsy mitampoka.

Mitovy tanteraka amin'ny famaritan'ny baiboly azy ny volamena ao amin'io toerana io. Mazava sady mila hangarahara.Tsy mitaha velively amin'ny volamena any an-danitra ny ety an-tany amin'ny hatsarany.

Taorian'izay dia nentina tamin-toerana iray feno fitehirizan-drano marobe izahay.Ranomaso manjelatra no nameno azy ireo, ranomaso nalatsaky ny zanak'Andriamanitra tety an-tany.Tsy ranomasom-pitarainana akory fa ireo narotsaka tamin'ny fanatrehan'Andriamanitra, ranomasom-pibebahana sy fanomezam-boninahitra.Tehirizin'Andriamanitra toy ny harena sarobidy izy ireo, araka izay voalaza ao amin'ny salamo 56:8 « *Manisa ny firenireneko Hianao; ataovy ao an-tavoahanginao ny ranomasoko; tsy eo amin'ny bokinao*

*va ireny? »*

Ary tonga tamin-toerana iray misy anjely maro dia maro izahay. Maro ireo karazan'anjely hitanay tany an-danitra fa ny ao amin'io toerana io tena miavaka. Hitanay fa I Jesosy dia manana anjely toy io isaky ny olona tsirairay.Nolazainy fa eo anilantsika foana io anjely io mandritry ny androm-piainantsika.Ary i Jesosy nampahafantatra anay ny anjely nirahina ho mpiambina manokana antsika.Hitanay ny toe-tenany saingy tsy navelan'Andriamanitra holazaina amin'olona.Hoy ny Salamo 91:11 *« Fa Izy handidy ny anjeliny ny aminao, mba hiaro anao eny amin'izay rehetra halehanao. ».*

Ary tonga tamin-toerana iray misy tavy feno voninkazo samihafa izahay.Ny sasany midoroboka sy mamelana tsara, ny sasany kosa malazo, milofika mihitsy aza.Ary nanontanianay an'i Jesosy nymahatonga izany.
«***Ny fiainan'ny tsirairay aminareo dia toy ireo voninkazo ireo***», *hoy izy*.Ary nandray voninkazo midoroboka iray izy ka nanao hoe: ***«Tandindon'ny fifandraisanareo amiko ireo voninkazo ireo.***». Ary navelany ilay ray teo ka nandray hafa malazo izy ary niteny hoe: «***Jereo, malazo ity olona ity satria mandala sedra sy olana. Misy zavatra manapaka ny fifandraisany amiko. Fantatrao ve ny ataoko amin'ity voninkazo ity hampamelana sy hampitsiry tsara azy indray?*** » Ary noraisiny ilay voninkazo ka hoy izy «***Ararako aminy ny ranomasoko hitomboany indray***».Ary indro fa velona indray tamin'ny fomba mahery sy mahagaga ilay voninkazo, nitsiry indray ilay izy ka niverina ny lokony.

Ary naka tamin'ireo milofika izy ka nanipy azy tany anaty afo ary hoy izy: ***«Nahalala ahy io olona io taloha fa nandà ahy kosa taty aoriana.Maty izy izao ary atsipy any amin'ny afo.»***
(Jaona 15:5-6)

Rehefa nanalavitra izahay dia nahita trano tsara tarehy mijoalajoala izay tsy nisy nahasahy nanatona Io angamba ilay seza fiandrianana voalaza ao amin'ny Apokalypsy 22:1 *«Ary izy naneho ahy onin'ny ranon'aina, manganohano tahaka ny vato krystaly, nivoaka avy teo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry. »* Mihevitra izahay fa tsy lavitra an'io trano avobe ion y seza fiandrianana sy ny fanatrehan'Andriamanitra.

Nandritry ny niainanay izany rehetra izany izahay dia nahatsapa fifaliana sy fiadanan-tsaina tsy takatry ny saina.(filipiana 4:7) *«Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy.».*

Nazava tsara taminay tany izay voasoratra ao amin'ny 1 Petera 1:4 *«ho amin'ny lova tsy mety simba, tsy misy loto, tsy mety levona, voatahiry any an-danitra ho anareo»*

---

## --- (fijoroana vavolombelona faha-6) ---

lioka 22:30 *« mba hihinana sy hisotro eo amin'ny latabatro amin'ny fanjakako hianareo sady hipetraka ambony seza fiandrianana hitsara ny firenen' Isiraely roa ambin'ny folo. »*

Tany amin'io toera-mahafinaritra io dia nasehon'ny Tompo anay ny efitrano fandraisam-bahiny tsara indrindra eto amin'izao tontolo izao. Izahay nahita fiandrianana goavam-be sy seza 2 vita amim-bolamena sy vatosoa tsy misy ety an-tany.Teo avoloan'ny seza fiandrianana, nisy latabatra lehibe tsy hita fara voasarona lamba fotsy.Mangatsakatsaka aoka izany ilay lamba ka tsy misy toa azy ety an-tany.Maro ireo karazan-tsakafo mafilotra sy tsara napetraka teo ambony latabatra.Nisy voaloboka lehibe toy ny voasary ary navelan'ny Tompo hanandrana izahay.Mbola tsaroanay foana ny tsiron'io voankazo tsara io.Ry rahalahy sy namana isany, tsy ho azonareo an-tsaina mihitsy ny hatsaran'ny zavatra efa nomanina ho antsika! (1 kor 2:9)
Teo amin'ilay latabatra koa dia natoro anay ny mana, ilay mofon'aina voasoratra ao amin'ny soratra masina.Navela hanandrana izahay.Maro koa ireo zavatra tsara hafa nandramanay izay tsy misy ety an-tany.

Miandry antsika izy ireo ary anisan'ireo lovantsika tsy mety lo any amin'ny fanjakan'ny lanitra.Hihinan-daoka tsara sy matsiro isika rehefa handray ny anjara lovantsika any amin'ny fanjakan'ny lanitra.Gaga izahay raha nahita fa natao tamin'ny andaniny 2 amin'ny latabatra ireo seza tsara tarehy.Ny seza tsirairay dia samy misy anarana avokoa.Hitanay tsara ny anaranay saingy tsy mitovy amin'ny fiantsoana anay ety an-tany.Ireo ilay anaram-baovao izay tsy hisy hahalala afa-tsy isika. (apokalipsy 2:17)

Gaga izahay fa efa voasoratra ao amin'ny baiboly: «*Kanefa aza mifaly hianareo, satria manaiky anareo ny fanahy; fa mifalia, satria voasoratra any an-danitra ny anaranareo.* » (lioka 10:20) Maro dia maro ny seza ary mbola ampy ny toerana ho an'izay te-ho any amin'ny fanjakan'ny lanitra.Nisy koa anefa seza nesorina tamin'ilay latabatra.Midika izany fa misy lehilahy sy vehivavy leo manompo an'Andriamanitra ka nofafana tao amin'ny bokin'ny fiainana ny anarany ary tsy hasaina izy ireo amin'ny fampakarambadin'ny zanakondry.
Izahay koa nevelan'Andriamanitra hifanatri-tava amin'ilay lehilahy masina hita ao amin'ny baiboly.Gaga izahay raha nahita an'i zoky Abrahama.Tsy ny toe-tenany na ny endriny akory no mahazoky azy fa ny fahendreny.Fotsy manontolo ny volon'i Abrahama nefa ny singam-bolony tsirairay dia mitovy amin'ny kofehy diamondra na fitaratra.Ny tena nahagaga anay dia izy mbola tanora noho izahay.Mihatanora ho azy isika rehetra rehefa any an-danitra. Nahagaga anay koa ny teniny.Nilaza zavatra izay tsy hohadinoinay mandrakizay izy.Nitsena anay izy tany amin'ny fanjakan'ny lanitra ary nilaza fa ho any amin'io toerana io tsy ho ela izahay satria ho avy faingana ny fisehoan'I Jesosy Kristy Tompo. Translated into Malagasy by Hery Rasolofoarinivo